# God’s Simple Plan of Salvation taken from I John

## Introduction

I John 5:13 [Ny amin'ny fivavahana ary ny tsi-fitovian'ny zanak'Andriamanitra amin'ny ratsy fanahy] Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo.

## 1. We are all sinners!

I John 5:16-17  Raha misy mahita ny rahalahiny manao ota tsy mahafaty, dia aoka hifona ho azy izy, ary Andriamanitra no hanome azy fiainana ho an'izay manao ota tsy mahafaty. Misy ota mahafaty; tsy mba lazaiko fa tokony hangataka ny amin'izany izy.

1 John 3:6  Izay rehetra mitoetra ao aminy dia tsy manota; izay rehetra manota dia tsy nahita na nahalala Azy.



**We are all sinners!**

## 2. There is a price for sin!

I John 5:19  Fantatsika fa avy amin'Andriamanitra isika, ary izao tontolo izao kosa dia mipetraka eo amin'ilay ratsy avokoa.

I John 5:12 Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana.

1 John 3:15   Izay rehetra mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona; ary fantatrareo fa tsy mba misy mpamono olona manana fiainana mandrakizay mitoetra ao anatiny.

## 3. Jesus died and paid for our sins on the cross!

1 John 4:10    Izao no fitiavana: tsy ny nitiavantsika an'Andriamanitra fa ny nitiavany antsika, ka nirahiny ny Zanany ho avotra'noho ny fahotantsika.



**Christ died for sinners!**

1 John 4:2-3   Izao no ahafantaranareo ny Fanahin'Andriamanitra: Ny fanahy rehetra izay manaiky fa efa tonga tamin'ny nofo Jesosy Kristy no avy amin'Andriamanitra; ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky an'i Jesosy dia tsy mba avy amin'Andriamanitra; ary izany no fanahin'ny antikristy, izay efa renareo fa ho avy, sady efa eo amin'izao tontolo izao sahady izy.

I John 5:11 Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany.

# 4. We must put our faith and trust in Christ alone!

I John 5:14-15   Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy;  ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy.



*Ny fomba tokana hahazoanao an'io dia amin'ny alalan'ny finoana, fahasoavana ary famindram-pon'Andriamanitra ihany. Raha toa ianao ka te-hanaiky an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy anao sy homen'Andriamanitra famelan-keloka dia ity misy vavaka azonao atao. Ny fanaovana ity vavaka ity na vavaka hafa tsy hahavoavonjy anao. Ny finoana an'i Jesosy Kristy ihany no ahazoana famelan-keloka. Ity vavaka ity dia fomba iray fotsiny entinao manambara amin'Andriamanitra ny finoanao Azy sy entinao misaotra Azy noho ny famelan-keloka omeny anao.*

**"Andriamanitra ô,**

**fantatro fa nanota taminao aho ary mendrika ny ho saziana. Nefa i Jesosy Kristy nanefa ny sazy mendrika ahy mba ho voavela ny heloko amin'ny alalan'ny finoako Azy. Apetrako aminao ny fitokiako ho famonjena ahy. Misaotra Anao noho ny fitahianao sy ny famindram-ponao mahagaga! Amena!"**

**Amazing Grace Publishing *100 Lakeview Court * Joshua TX 76058 * 817-426-1828 * E-Mail JamesAV@aol.com**